

Ny hamehana ho an'ny Ankizy

Notsoahina tamin'ny fandraisam-pitenenan'i mompera Joseph Wresinski tamin'ny Valandresaka tamin'ny mpanao gazety nokarakarain'ny Komity frantsay ho an'ny UNICEF, tao Parisy, ny 9 desambra 1987, tamin'ny fanolorana ny tatitra momba ny fiainan'ny ankizy maneran-tany 1988.

NY ANKIZY SY NY FIANAKAVIAN'NY FAHANTRANA LALINA

Misy eritreritra vitsivitsy tiako hozaraina aminareo, ary tandremako tsara ny tsy hanavahana ny fianakaviana avy any amin'ny tany eo an-an-dalam-pandrosoana amin'ireo izay monina any amin'ny tany efa mandroso. Ny fianakaviana any New York na Chicago mantsy izay miafina any amin'ny araben'ny tanànany, ny fianakaviana any Frantsa izay misitrika any amin'ny fiarabe efa tsy mihetsika intsony, mipetraka eny amin'ny fanariam-pako na eny amin'ny lalam-be migodana sy ny fasana, dia mitovy ny hafatra alefany amintsika tsy misy hafa amin'ny an'ny fianakaviana mamikitra eny amin'ny tehezan-tendrombohitra, eo amoron-tevana na eo ambonin'ny tany fotaka mandrevo manamorona ny helodrano any amin'ny tany eo an-dalam-pandrosoana.

Ireny fianakaviana rehetra ireny dia tsy vitan'ny hoe natosika fotsiny hanalavitra ny faritra misy fonenana mendrika. Ny tena loza dia tsy misy toerana ho azy ireo akory any amin'ny site na ny kartie mitsipozipozy na ny kartien'ny trano bongo. Ny marina dia izao : atosika any ivelan'ireny faritry ny fahantrana ireny izy ireo, atoka-monina ao anatin'ny fahantrana lalina noho izy mahantra fadiranovana. Noho izany tsy misy tanàna na iray aza mahalala izay tena isany marina. Ny tena loza aza diamatetika izy ireny no tsy hita akory ao amin'ny registry ny fitondrana na any amin'ny antontan'isam-pirenena. Tsy misy toerana ho azy ireo any amin'ny laharam-pahamehan'ny tompon'andraikitra politika. Raha ny izy dia tsy misy izy ho an'ny olona. Ny vokatr'izany dia izao, ny zanak'ireny fianakaviana faran'izay mahantra tsy heverina ho misy akory na any amin'ny firenena mandroso na any amin'ny tany eo an-dalam-pandrosoana, dia samytsy manana ny hoaviny.

Ny zaza mivarotra eny an-dalam-be na mangataka any amin'ny « mètres »-n'ny renivohitsika, ny zaza mikarataka sakafo ho an'ny fianakaviany any amin'ny Tany Mahantra, ny zaza matory eny amin'ny manodidina ny labatoara, ny gara na ny tsena, ary vao mangiran-dratsy dia mifoha mikaroka any anaty fakon'ny tanàna dia manoro antsika hoe hatraiza no tokony hanemorantsika ny fetran'ny politikantsika sy ny fandaharanasantsika.. Ho an'izany hatraiza no tokony hanemorantsika ny fetran'ny fijerintsika sy ny fahalalantsika.

TSY HITAN'NY MASON'NY FIARAHAMONINA IRAISAM-PIRENENA NY MAHANTRA FADIRANOVANA

Tsy maintsy ekentsika, na dia amin'izao fotoana izao aza, fa misy vondrona mponina iray manontolo manirery miezaka ny tsy ho faty sy hamelona ny fanantenany na ho any na tsy ho any. Voatery hivelona amin'ny herin'ny tenany izy, indraindray mba tohanan'ny ONG madinika akaiky azy ihany, tsy hitan'ny maso sy ny fanadihadian'ny fiarahamonina iraisam-pirenena tanteraka izy ireo.

Araka izany, inona marina moa no fantatsika momba ireo ankizy sy fianakaviana antsoina hoe « tsy manan-tany », matetika tsy manana faka iorenana, voaozona hirenireny eny amin'ny lalan-kety sy arabe, mandositra ny hanoanana, mikaroka asa ?

Inona no fantatsika momba ireo ankizy, ireo fianakaviana, izay, tsy manana fitaovana na iray aza, tsy mitondra entana na iray aza, tonga mamonjy ny tanàn-dehibe, manantena hahita ao, na dia tsy fandraisana aza, mba fara faharatsiny ahay vola kely angatahina etsy sy eroa ?

Inona no fantatsika momba ireo fianakaviana tsy manana asa, tsy manan-kialofana, tsy manana foto-pivelomana, izay mijanona eny an-tsisin'ny tanàna, mponina tsy mahatombina, tsy voafaritra tsara, mitoetra any amin'ny faritra izay mbola handroahan'ny bilidaozera azy arakaraka ny fitaran'ny tanàna ?

Inona no fantatsika momba ireo fianakaviana tsy manan-kialofana, mirenireny manerana an'i Eoropa andrefana sy Amerika avaratra ? Fianakaviana torotoro, ravarava., satria ny reny sy ny ankizy dia noraisina any amin'ny foibe, ary ny ray kosa dia nampiantranoina ho toy ny lehilahy tokan-tena any amin'ny akany ?

Avy amin'ireny fianakaviana torotoro, potipotika, kepaky ny hanoanana ireny no niavian'irony ankizy antsointsika hoe « zanaky ny arabe » irony, anarana tokony hotoherintsika. Mety ve ny misaintsaina ny hiantsoana toy izany ireny ankizy ireny izay toy ny ankizy hafa rehetra, nateraky ny zo nananan'ny fianakaviana, ny firazanana, ny tanàna, ny firenena, na avy any Amsterdam izyna i Bogota, na tendrony Atsinanan'i Azia na ny Atsimon'i Sahara ? Fantatsika ve izay hiafaran'izy ireny rehefa ho lehibe izy ka ho afaka hanorina izay mba ho tokantranony ?

Ny Unicef, dia tsy nankatoa na oviana na oviana ny tsy firaharohana an'ireny ankizy ireny, ny traikefako no ahalalako izany. Tsy nitsahatra nampahatsiahy ny fisian'izy ireny izy.

Fa amin'ny anaran'ny fianakavian'ireny ankizy ireny, ny Firohotana Iraisam-pirenena ATD Quart Monde dia tsy mitsahatra nampahatsiahy ny adidy mavaivay ho an'ny fiarahamonina

iraisam-pirenena rehetra dia ny tsy maintsy andehanany mikaroka azy ireny, mihaona aminy, mba hahita azy mba hiara-dalana aminy.

Eo no tena ahitana ny dikan'ny Fifamatorana natolotr'Atoa James Grant, Tale jeneralin'ny Unicef

Tena maika dia maika ny hirotsahantsika ao anatin'io Fifamatorana io, ianareo sy izaho, ary tsy misy hataka andro. Tsy maintsy ianareo sy izaho manao izay hahatonga an'i Fifamatorana io ho azo antoka. Enga anie ka noho izy dia ho vitantsika ny hametrahan'ny Uicef an'ireny ankizy ireny sy ny fianakaviany ao anatin'ny laharam-pahamehan'ny fandaharana asany, mbola tsy voakasik »izany mihitsy mantsy izy ireo. Izany no miantoka ny Zon'ny olombelona. Ny fahantrana lalina dia fanosihosena ny Zon'ny Ankizy amin'ny ankapobeny Tena fotoana izao hanambaratsika ny hamehana hanoherana ny fahantrana lalina, hamehana ho an'ny ankizy.

INONA NO HATAO MBA HANENIKA AN'IZAO TONTOLO IZAO IO FIFAMATORANA IO

Mety hahenika an'izao tontolo izao io Fifamatorana io. Mety hankahery olona sy fikambanana maro izy io raha manao izay azony atao ny Unicef mba hanaparahana azy fa indrindra moa ny Unicef ka ampiantsika rehetra mba hanaparitaka an'io Fifamatorana io ho an'ny tombontsoan'ny faran'izay mahantra

Ankoatra izany,,efa fantatsika loatra. fa ny Fifamatorana no hampitombo ny tahan'ny ankizy vita vaksinyho tafakatra hatrany amin'ny 80%. Izy no ahazoana mamonjy ankizy betsaka kokoa tsy ho fatin'ny tsy fahampian-drano. Izy no hiantoka fihinanan-tsakafo metimety kokoa ho an'ny ankizy ampolo tapitrisany. Saingy raha tsy eo ny ezaky ny rehetra, inona ny hahazo ireo 20% sisa ? Atahorana sao ireo fianakaviana efa mahajoro irery, ireo fianakaviana afaka mahatakatra haingana, ireo fianakaviana efa tafidra tsara ao amin'ny fiarahamonina misy azy no ho voakasika.. Izany hatrany mantsy no fandehan-javatra. Eo anatrehan'ny fijaliana, ny hanoanana, ny aretina dia ny maika indrindra ny mahomby indrindra no vonjena voalohany.

Tsy misy mahamenatra izany, tsy izany mihitsy, saingy raha izany dia tsy ho voasakana ny famelana ny 20% ny mahantra indrindra eto an-tany ho tsy misy mpiraharaha indray.

Ny voninahitry ny Fifamatorana dia ny handrava an'io lahatry ny fahantrana lalina izay manilika sy mamono io. Izay mahatonga ny Zon'ny Olombelona sy ny Ankizy ho foana sy tsy misy dikany.

Joseph Wresinski